## Ny Valosoa sy hadihady

# Fahaleovantena, fiandrianam-pirenena, resahana fa tsy voahaja

Ny teny hoe « mahaleotena » na fahaleovantena raha ny fahitana ny toe-draharaham-pirenena amin'izao fotoana izao, dia anarany fotsiny. Teny ambara fe teny ambara ihany, fa tsy mifanaraka amin'izany ny zava-misy iaraha-mahita sy miaina. Eo aloha ny lafiny fiandrianam-pirenena. Tena manana ny fiandrianany marina ve ny firenena malagasy raha ny tontolo ara-jeôstratejika miatrika ny fifandraisana iraisam-pirenena? Ny voalohany amin'izany ny fifandraisana amin'i Frantsa. Ao ambadik'izany ny « Tandrefana » izay misy an'i Eôrôpa andrefana sy Etazonia, sy ny « Tatsinanana » misy an'i Rosia, raha mbola mitoetra izany voambolana izany amin'izao fotoana izao, fa izay aloha raha tsorina ny fahitana azy. Ny fifandraisana amin'i Frantsa no miharihary mazava tsara, izay mbola mampihàtra sy raiki-tampisaka aminy, ny politikan'ny « néocolonialisme » na ny fanjanahantany amin'ny endriny vaovao. Ilaina ny fahaizana manavaka ny vary amin'ny tsiparifary. Tena tsara marina ve ny mpitondra frantsay hilaza, fa imperialista i Rosia. Tsy midika ho fiandaniana aminy akory raha milaza izany, fa mijery ny zava-misy, ary mahatsiaro avy hatrany ireo Nosy Malagasy izay bodoin'ny fitondrana frantsay. Miendrika inona ny fibodoana ireo Nosy Malagasy ireo izany? Tsy ampahana tany sisa tavela amin'ny fananiham-bohitra, imperialisma, nataon'ny mpanjanatany frantsay tamin'ny fotoan'andro teto ve ireo Nosy an'ny Malagasy giaziny mafy ireo? Mariky ny fiandrianam-pirenena mbola voahosihosy izany. Ny fitondrana ankehitriny rahateo dia tsy atao hahagaga raha arirariran'ny mpitondra frantsay fotsiny amin'ny dinika ifanaovana aminy satria kely endaka rahateo. Mbola hiaraha-mahita eo izany amin'ny lazaina ho fihaonana faharoa hotanterahina tsy ho ela izay nambara tato ho ato. Fa hatreto aloha tsy mahaleotena i Madagasikara, na ara-toekarena sy indrindra ara-politika eo amin'izay sehatra lehibe ara-jeôstratejika izay, ary mahafantatra izany tsara ankehitriny ny olom-pirenena maro eto amin'ny firenena. Ny olana, tsy izao fitondrana Rajoelina izao mihitsy no hahavaha izany geja manjo ny firenena izany. Azo tarafina tsara amin'ny tamin'ny re sy hita tamin'ny dian'i Andry Rajoelina sy ny ekipany tany no ahafahana mandrefy izany, na dia nisy aza fieboeboana amin'ny filazan'ny tenany sy fitanisany ho "navita zavatra" nandritra ny fitantanany izao. Ho an'ny olom-pirenena mpanara-baovao ireny, dia mba miakatra polipitran'ny Firenena Mikambana sy mikabary fe mikabary angaha, fa ny zava-misy marina iainambahoaka, toa lavitry ny afo ny kitay…

Etsy ankilan'izay, ambara ho mahaleotena ireo sampan-draharaha lehibe roa, miady amin'ny kolikoly na ny Bianco ( Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly), sy ny misahana ny fifidianana na ny Ceni (Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana). Mihifikifika ny maro momba izany, fa raha ny fizotry ny fomba fiasa sy ny zava-misy dia anarana ka mba anarana napetraka ny an'ireo amin'izao fotoana izao. Efa naneho ny fiheverany sy ny fahitany azy ireo ny sokajy maro samihafa, olom-pirenena tsotra, fikambanana, indrindra ireo antoko politika avy amin'ny mpanohitra, sns... Tsy mahaleotena izany ireo raha ny hevitry ny maro, ary noho izany ihany no fototry ny fisian'ny ahiahy lehibe misy eo amin'ny mpanohitra, raha hiatrika fifidianana amin'ny taona 2023. Tsy handeha amin'ny fahamarinana sy madio mangarahara io fifidianana io noho ireo olona mpikambana ao anatiny, ary hatrany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC). Manaporofo izay rahateo ny nitranga tamin'ny fifidianana natao teto farany. Ny "tanana zatra mitsotra, hono, tsy afaka hivonkona intsony". Ny ahiahy ihany koa tsy hihavanana, ary izay indrindra no tsy ifampitokisana amin'ny fifidianana ho avy sy ny mety hitranga eto amin'ity firenena ity raha tsy misy fiovàna na fanovàna ireo olana manahirana samihafa ao anatiny. Fomba fijery na fiheverana tsy azo lazaina velively ho tsy mitombina ny azy ireo, ka hiaraha-mahita eo ny fepetra horaisin'izao fitondrana izao. Hatreto anefa aloha raha ny fahitana ny raharaha, dia miziriziry amin'ny heviny, na dia efa resena lahatra hatrany aza, ny fitondrana. Toy ny hoe miezaka mampiditra ny firenena hatrany ao anaty lalan-kizo sy ratsy. Tsy mendrika ny vahoaka Malagasy sy i Madagasikara intsony anefa izany. Mila mahaleotena madio mangarahara ny firenena amin'ny lafiny rehetra amin'ny seha-pitantanana, mba tsy ho rambony maneran-tany toy izao toerana misy antsika amin'izao fotoana.

**Sôh'son**

## Mpianatra Malagasy any Rosia

# Mijaly tsy mahazo ny tohana ara-bola tokony homen'ny fitondrana

Mijaly amin'izao fotoana ireo mpianatra Malagasy mandranto fianarana any Rosia, an-taonany izy ireo tsy mahazo ny tohana ara-bola tokony homen'ny fitondrana. Mahatsiaro tsy misy Ray aman-dreny ireo mpianatra Malagasy ireo noho izany. Efa aman-taonany izao ireto mpianatra mandranto fianarana any Rosia ireto, no mijaly amin'ny fandraisana ny fanampiana ara-bola tokony homen'ny Fanjakana Malagasy azy ireo.

Ilain'ireo mpianatra anefa izany, satria tsy manan-jo hiasa ihany koa izy ireo, nefa tsy maintsy miantoka ny fiainana any an-toerana.

I Rosia dia anisan'ireo firenena nanesoran'ny fitondrana malagasy ireo ambasadoro maneran-tany tamin'ny taona 2019, ary hatreto mbola tsy misy solony izany masoivohon'i Madagasikara any Moscou izany.



*Oniversite any Rosia, anisan'ny mandray mpianatra vahiny.*

**Stefa**

## TONONKALO

# Voandalana avy any Zamerika?

Rahoviana Andavamamba no ho lasa Zamerika,
Fa ny ekipan-dry Lemizo , miandry ny filohantsika ?
Mety ho amin`ny fiverenany , amin`izay no hanambarany
F`eo an-dalam-piketrehana ny hahatongavana amin`izany !

Fa hatreto ry  Lemizo tena mbola mafy ady.
Mila tsy hahajoro intsony f`atsy ho atsy angamba handady,
Noho ny olana misesy  sy ny hasarotry ny fiainana,
Saingy, indrisy, ny mpitondra toa tsy azony itarainana !

Efa tapitra namidy ireo soavaly mba nananana.
Efa fongana tanteraka izay rehetra teo an-tanana.
Ka ny nofinofy sisa dia ny hisian`ny mazika,
Hampiova ilay Andavamamba mba ho lasa Zamerika !

Toamasina ho Miami no efa  tena nolazaina.
Ambato hivadika ho Parisy , izany koa ilay andrandraina,
Ka ho diso  ve Lemizo  hiandrandra ny filohantsika
Hiteny fa Andavamamba koa ho lasa Zamerika ?

TSIMIMALO (23-09-22)

## Erikerika Madagasikara avy any Frantsa

# Nanampy ny mpianatra tao Ambohitravoko Mantasoa

Tonga tao amin'ny EPP Ambohitravoko, kaominina Mantasoa, distrikan'i Manjakandriana, faritra Analamanga ny solontenan'ny fikambanana Erikerika Madagasikara avy any Frantsa, Jean Philippe Rafidison, filoha, sy Noro Ramanoarison, filoha lefitra, nihaona tamin'ireo mpianatra sy tomponandraikitra, ary nitondra ny voatsirambin'ny tanana ho fanampiana azy ireo.

Ny fikambanana Erikerika Madagasikara dia mifindrafindra araka ny fisehoan'ny toe-javatra, ny filàna sy ny fetezan'ny fiaraha-miasa miaraka amina tomponandraikitra an-toerana vonona sy mahatoky. Nanomboka ny fotoan'ny krismasy 2021 dia nisafidy ity toerana ity, izay vaovao amin'ny fikambanana izy ireo, ka namatsy vola hanatanterahana sakafo hiaraha-mizara nokarakarain'ireo mpanabe sy ray aman-dreny malala tanana. Ankizy mpianatra miisa 10 no afaka fanadinana CEPE tamin'ity taona 2022 ity ary nisitraka fanomezana manokana avy tamin'ny fikambanana. Tsy adino koa ireo mpianatra rehetra ao amin'ny sekoly izay miisa 137 ary koa ireo mpanabe miisa 9. Samy nisitraka fitaovampianarana: kahie, crayon sy mofomamy ary bonbons daholo izy ireo.

Nidinika tamin'ireo mpampianatra ny fikambanana, ka nivoitra tamin'izany ny fahasahiranana mihàtra eo anivon'ny ray aman-dreny. Raha 3 amin'ireto farany no mpiasam-panjakana raikitra, dia ny 6 dia mpampianatra FRAM (Fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra). Maro ireo ray aman-dreny anefa no tsy mahaloa ny saram-pidirana 20.000 ariary ho an'ny taona 2022. 20 amin'ireo 50 ihany no nahaloa izany amin'izao fotoana anoratana izao.

Tsy ny ray aman-dreny sy ny ankizy ihany no ihàran'ny fahasahiranana lalina fa na dia ireo mpampianatra koa dia mizaka izany. Ohatra amin'izany ireto mpampianatra FRAM izay manjary ny roa amin'izy ireo no miasa maimaimpoana, ary roa hafa dia miankina amin'ny vola miditra avy amin'ny ray aman-drenin'ny mpianatra.

Amin'izao fotoana izao ny mpianatra dia miditra maraina amin'ny valo ora ary mirava amin'ny iray ora antoandro. Ary amin'izao fotoana izao ihany koa, misy tetikasa hanohizana fianarana hariva. Ka dia hiampy indray ny olana amin'ny fomba isakafoanan'ireo mpianatra. Izany rehetra izany dia mampiseho fa mbola lavitr'ezaka ny fahafahan'ny ankizy mpianatra hisitraka fanabeazana mendrika.

Manoloana ny fahasahiranana sy manaraka ny fikasan'ny fikambanana hitodi-doha amin'ity sekoly ity dia nilaza ireo solontenan'ny fikambanana Erikerika Madagasikara avy any Frantsa, fa hitondra ny hafatra ny amin'ny ireo mpikambanana, ary amin'ity taona ity ihany dia efa hitondra anjara biriky. Etsy ankilany, hitohy hatrany ny fankalazana ny fotoanan'ny krismasy amin'ny alalan'ny fikarakarana sakafo hiarahan'ny sekoly rehetra mizara. Mankasitraka ireo tomponandraikitra sy malala tanana rehetra nanampy sy nahafoy andro tamin'ity asa soa notanterahin'ny fikambanana ity.

Faly ary naneho fankasitrahana sy nisaotra ny fikambanana ny solontenan'ny mpampianatra sy ny ray aman-dreny, tamin'ny alalan'ny fanomezana vokatra avy ao an-toerana. Tamin-kafaliana no nandraisan'ireo solontenan'ny fikambanana ireo fanomezana ary nirary ny hitohizan'ny fifandraisana izy ireo.

**Ny Valosoa**



***Ny solontenan'ny fikambanana Erikerika Madagasikara avy any Frantsa, nanolotra fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra tany Ambohitravoko Mantasoa, distrikan'i Manjakandriana.***